

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2000- 006

Autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 juin 2000 entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR et le FONDS DE L'OPEP POUR LE DEVELOPPEMENT INTERNATIONAL relatif au financement du « PROJET DE REHABILITATION DU PERIMETRE RIZICOLE DU BAS MANGOKY » Fivondronana de MOROMBE

EXPOSE DES MOTIFS

Suivant Accord de prêt en date du 08 juin 2000, la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR a contracté auprès du FONDS DE L'OPEP POUR LE DEVELOPPEMENT INTERNATIONAL un prêt équivalent à HUIT MILLIONS VINGT MILLE DOLLARS (8.020.000 \$), pour financer les composantes travaux de génie civil et réhabilitation de la route desservant le périmètre en totalité et en partie pour «la réhabilitation des périmètres rizicoles» et «les services de consultants et études» du «**PROJET DE REHABILITATION DU PERIMETRE RIZICOLE DU BAS MANGOKY**».

I - OBJECTIF DU PROJET

Objectif sectoriel :

Renforcement de la sécurité alimentaire et réduction des importations de riz.

Objectif spécifique :

Augmentation de la production vivrière (riz), amélioration de la productivité par la valorisation des infrastructures hydroagricoles et restauration des conditions durables dans l'exploitation de ces infrastructures et aménagements. En année de croisière, la production en paddy espérée est de 35.600t de paddy contre 11.730t sans le projet. Désenclavement de la région par la réhabilitation de la RN 9 reliant Ifaty - Bevoay et la RN 25 Bevoay - Morombe.

II - DESCRIPTION DU PROJET

II - 1 : LOCALISATION DU PROJET : Le site du projet se trouve dans la Commune d'Ambahikily, Fivondronana de MOROMBE.

II - 2 : LES COMPOSANTES DU PROJET :

Le projet comprend les volets suivants :

1- Réhabilitation des équipements du Génie Rural.

1-1 Remise en état des ouvrages de tête morte :

- a) Confortation de la prise principale de Bevoay : mise en place de 2 vannes de garde 2x2, et protection par des palplanches sur 100m.
- b) Nettoyage du déssableur : remise à neuf de la drague suceuse.
- c) Le recalibrage de l'avant canal : rehaussement de 0,4m sur 14,4 km pour augmenter sa capacité de $10\text{m}^3/\text{s}$ à $14,1\text{m}^3/\text{s}$.
- d) La réparation de la prise de Bereho.
- e) La réparation des ouvrages, canal d'amenée, et digue de protection.

1-2 La remise en état des ouvrages principaux sur canal, piste d'exploitation (105 km prévus

pour être reprofilés et reconstruction ou réparation des ouvrages y afférents), drains et des

ouvrages de distribution au niveau des canaux secondaires, canaux tertiaires.

1-3 Le creusement d'un nouveau chenal de drainage de 25 km dans le bras du lac Kitombo.

1-4 La reconstruction et la protection de la digue aval sur 2.400m.

1-5 L'achèvement de l'aménagement d' Antanimanintsy (460 ha).

Les travaux de réhabilitation intéressent quelques 8.400 ha dominés, mais la mise en valeur essentielle portera sur 6.850 ha du fait que certaines superficies ne sont pas économiquement exploitables.

2- Appui à la mise en valeur du périmètre

2-1 Mise en place des Associations des Usagers de l'Eau (AUE).

2-2 Formation des responsables de ces AU.

2-3 Mise en œuvre des activités de conseil et de vulgarisation en appui avec le Programme National de Vulgarisation Agricole (PNVA).

2-4 La sécurisation foncière : avec le concours du Min de l'Aménagement

du Territoire et de la Ville (MinATV), le projet financera toutes les phases de procédures jusqu'à la délivrance des titres fonciers individuels.

2-5 Le crédit rural : un dispositif décentralisé de financement rural est mis en place grâce à une ligne de crédit de 0,29 million d'UC.

4000 familles bénéficieront d'une ligne de crédit de 0,29 million d'UC avec un taux d'intérêt de 3,5% par mois pour une campagne agricole de 4 à 5 mois.

3- *Désenclavement du périmètre*

3-1 Traitement des points « noirs » sur la RN 9 Ifaty - Bevoay et sur la RN 25 Bevoay - Morombe.

3-2 Construction d'un radier à Befandriana.

4- **Appui à la gestion du Projet**: concerne le fonctionnement de la Cellule d'Exécution du Projet (CEP).

III - FINANCEMENT

Sources de financement :

Le coût total du projet est estimé à SEIZE MILLIONS NEUF CENT QUATRE VINGT MILLE (16 980 000) Unités de Compte.

Le financement du projet se fera à partir de trois sources :

- **Le Fonds Africain de Développement (FAD)** : 10 millions d'UC : 7,10 millions d'UC pour couvrir une partie de coûts en devise de 10,88 millions d'UC (cf ci-dessous) et 2,90 millions d'UC pour couvrir une partie des coûts en monnaie locale (6,10 millions d'UC).
- **Les Fonds OPEP** : 5,91 millions d'UC (8.020.000 Dollars) financeront la totalité de la composante désenclavement du périmètre (route) pour 3,78 millions d'UC et une partie de la composante réhabilitation des infrastructures hydroagricoles pour 2,13 millions d'UC.
- **Le Gouvernement malgache** supportera 17,6 % des coûts en monnaie locale d'un montant de 1,07 million d'UC. Cette contribution couvre les coûts en monnaie locale de la composante Appui à la mise en valeur du périmètre (salaires, indemnités des fonctionnaires, contrats locaux relatifs à la recherche et développement et à l'encadrement des paysans, etc).

SOURCE	UC millions			% coût total
	Devise	M.L	TOTAL	
FAD	7,10	2,90	10	58,91
OPEP	3,78	2,13	5,91	34,77
Gouvernement malgache	0,00	1,07	1,07	6,33
TOTAL	10,88	6,10	16,98	100

Dépenses par composante et par source de financement :

COMPOSANTES	FAD	OPEP	GM	TOTAL
A : Réhabilitation des infrastructures	5,78	2,13		7,91
B : Appui à la mise en valeur	2,13	0,00	1,07	3,2
C : Désenclavement du périmètre	0,00	3,78	0,00	3,78
D : Gestion du projet	2,09	0,00	0,00	2,09
TOTAL	10,00	5,91	1,07	16,98

IV - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET

- a) Montant : 8,02 Millions de Dollars US.
- b) Taux d'intérêt : 1% par an sur le capital décaissé ou en cours de mobilisation.
- c) Frais d'administration : 1% par an sur le capital décaissé ou en cours.
- d) Paiement des intérêts et frais d'administration :
 - semestriel : tous les 15 Mars et 15 Septembre de chaque année ;
 - en dollars.
- e) Remboursement du capital :
 - en dollars ou en monnaie convertible acceptée par le Fonds, au taux de change en vigueur du moment ;
 - période de maturité : 20 ans, y compris un différé de 5 ans ;
 - début de remboursement : 15 Mars 2005 ;
 - fin de remboursement : 15 Septembre 2019 ;
 - en 30 semestriels de 267.330 USD chacune, sauf pour la dernière qui sera de 267.430 USD.
- f) Date limite de mise en vigueur : Trois (3) mois à compter de la date de signature de l'Accord de Prêt.

g) Date limite de décaissement : 31 décembre 2004.

V - ORGANISATION ET MODALITE D'EXECUTION

D'une part, le projet sera placé sous la tutelle du Ministère de l'Agriculture, et sera exécuté sous la supervision de la Direction du Génie rural.

L'organe d'exécution proprement dit sera une cellule dénommée « CELLULE D'EXECUTION DU PROJET » (CEP).

Quatre unités opérationnelles conduiront les activités spécifiques du projet :

- a) Unité Génie rural ;
- b) Unité de Développement Agricole ;
- c) Unité Contrôle de Gestion ;
- d) Unité Route.

D'autre part, un Comité d'Orientation et de Suivi (COS) sera créé sous la tutelle du Min Agri. Il sera composé des représentants des institutions suivantes : MinAgri, MinFin, MinBudget, MinInter, MinATV, MinTP, Min de la Recherche Scientifique, le représentant des associations paysannes, le représentant des opérateurs privés.

Le COS sera responsable de l'examen et de l'adoption des programmes annuels d'actions et de budgets, et veillera à son exécution. Il se réunira une fois tous les six mois.

Aux termes de l'article 82, paragraphe VIII de la Constitution : « La ratification ou l'approbation des traités... qui engagent les finances de l'Etat... doit être autorisée par la Loi ».

Tel est l'objet de la présente Loi.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE

LOI n° 2000- 006

**autorisant la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 juin 2000 entre
la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET le FONDS DE L'OPEP POUR
LE DEVELOPPEMENT INTERNATIONAL relatif au financement du
« PROJET DE REHABILITATION DU PERIMETRE RIZICOLE DU BAS
MANGOKY »
Fivondronana de MOROMBE.**

L'Assemblée Nationale a adopté en sa séance du 19 juillet 2000 la Loi dont la teneur suit :

Article premier : Est autorisée la ratification de l'Accord de Prêt conclu le 08 juin 2000 entre la REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LE FONDS DE L'OPEP POUR LE DEVELOPPEMENT INTERNATIONAL relatif au financement du « PROJET DE REHABILITATION DU PERIMETRE RIZICOLE DU BAS MANGOKY » Fivondronana de MOROMBE, d'un montant DE HUIT MILLIONS VINGT MILLE DOLLARS (8.020.000 \$).

Article 2 : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

Antananarivo, le 19 juillet 2000.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,

LE SECRETAIRE,

ANDRIANARISOA *Ange C.*
F.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana***

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-2000-006

Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny 08 Jona 2000 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA sy ny TAHIRY OPEP HO AN'NY FAMPANDROSOANA IRAISAM-PIRENENA momba ny famatsiam-bola ny « TETIKASA FANARENANA NY LEMAKA FAMBOLEM-BARY AO BAS-MANGOKY » Fivondronana MOROMBE.

FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Araka ny fifanarahana fisamboram-bola natao ny 08 jona 2000, ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA dia nisambotra vola mitentina ROA ALINA SY VALO TAPITRISA (8.020.000) Dollars amin'ny TAHIRY OPEP HO AN'NY FAMPANDROSOANA IRAISAM-PIRENENA ho famatsiana ny « TETIKASA HO FANARENANA NY LEMAKA FAMBOLEM-BARY ao BAS MANGOKY » Fivondronana MOROMBE.

I - TANJON'NY TETIKASA

Ny fanamafisana ny fahavitan-tena ara-tsakafo sy ny fanenana ny fanafarana vary avy any ivelany no anisan'ny tanjon'ny TETIKASA.

Ireto manaraka ireto no tanjona lehibe indrindra kendren'ity tetikasa ity :

- Fampitomboana ny vokatra vary, fanatsarana ny famokarana amin'ny alàlan'ny fanomezan-danja ireo fotodrafitr'asa arapambolena ary fametrahana fepetra maharitra eo amin'ireo fotodrafitr'asa ireo.
- Antenaina hahatratra 35.600 taonina vary akotry no ho azo rehefa vita ny asa, raha 11.130 taonina izany talohan'ny Tetikasa. Fanokafana ny faritra amin'ny fanamboarana ny lâlana nasionaly laharana faha-9 mampifandray an'Ifaty - Bevoay sy ny lâlana nasionaly laharana faha-25 mampifandray an'i Bevoay -

II - FAMARIPARITANA NY TETIKASA

II - 1 NY TOERANA HANAOVANA NY TETIKASA

Ao amin'ny lemaka BAS MANGOKY, Kaomina AMBAHIKILY, Fivondronana MOROMBE no toerana anaovana ny tetikasa.

II - 2 NY MANDRAFITRA NY TETIKASA

Ireto avy ny lafin'ny tetikasa :

1- Fanarenana ireo fampitaovana momba ny Génie Rural :

1-1 Fanamboarana ireo lakan-drano sokajy voalohany, sy ireo asa ao aminy.

- a) Fanamafisana ny vavarano lehibe ao Bevoay amin'ny alàlan'ny fametrahana hidin-drano sy « palplanches » iarovana azy.
- b) Fanadiovana ny fandrika fasika sy fanavaozana ny fitaovana mpitroka fasika.
- c) Fanalehibiazana sy fanondrotana 0,40m ny lakan-drano lehibe mirefy 14,4 km mba ahazaka rano 14,1 metatra kioba isa-tsegondra raha 10 metatra kioba no zakany teo aloha.
- d) Fanamboarana ny vavarano ao Bereho.

1-2 Famerenana amin'ny laoniny ireo asa lehibe eny amin'ny lakan-drano, fanatsaràna ireo lèlana madinika (105 km neverina ho voakasik'izany miaraka amin'ny « ouvrages » misy eo aminy), sy ireo lakan-drano fanariana rano, ary ireo asa fizarana rano eny amin'ny lakan-drano sokajy faharoa sy fahatelo.

1-3 Fanokàfana fanarian-drano vaovao, 25 km, mankany any amin'ny matsabory Kitombo.

1-4 Fanarenana sy fiarovana ny fefiloha an'ava mirefy 2.400 m.

1-5 Famitàna ny fanjariana ny lemaka Antanimanintsy : 460 ha.

Ireo asa rehetra ireo dia mikasika 8.400 ha eo ho eo, saingy kosa 6.850 ha eo ho eo no tena azo trandrahana ara-dalàna, tsy azo antoka ahazoana vokatra mahomby kosa ny velaran-tany sisa noho ny toerana misy azy ireo sy ny toetry ny tany.

2- Tohana ny famokarana ny faritra

2-1 Fametrahana ireo fikambanan'ny mpampiasa rano.

2-2 Fanofanana ireo tompon'andraikitrty ny mpampiasa rano.

2-3 Fampiharana ireo toro-làlana sy ireo fampianarana isan-karazany miaraka amin'ny fanampian'ny PROGRAMME NATIONALE DE VULGARISATION AGRICOLE (PNVA).

2-4 Fanatsarana ny fananan-tany, miaraka amin'ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Tanàn-dehibe. Hamatsy ara-bola ireo dingana rehetra mikasika ny fahazoana tany, hatramin'ny fanomezana « titre foncier » ny tetikasa.

2-5 Fampisamboram-bola eny ambanivohitra : vola mitentina 0,29 tapitrisa UC no hatokana amin'izany, ary hisy rafitra apetraka momba ny fampisamboram-bola eny ambanivohitra. Fianakaviana eo amin'ny 4.000 eo ho eo no voakasika ; 3,5% isam-bolana no zana-bola mandritra ny fotoana fambolena 4 ka hatramin'ny 5 volana.

3- Fanokafana ny faritra

3-1 Amboarina ireo faritra tena ratsy amin'ny lâlam-pirenena faha 9 (Ifaty - Bevoay), sy faha 25 (Bevoay Morombe).

3-2 Atao « Radier » ao Befandriana.

4- Fitantanana ny tetikasa

4-1 Izany dia mikasika indrindra ny enti-manana ny fitantanana ny tetikasa izay ho apetraka amin'ny « Sampana Mpanatanteraka ny Tetikasa ».

III - FAMATSIAM-BOLA NY TETIKASA

VALO ALINA SY SIVY HETSY ARY ENINA AMBINY FOLO TAPITRISA (16.980.000) Unités de Compte no vinavina hamitâna ny tetikasa.

Loharanom-bola telo no hamatsy ny tetikasa :

- a) **ny Tahiry Afrikana ho an'ny Fampandrosoana (FAD)** : Folo tapitrisa (10.000.000) Unités de Compte, ka ny 7,10 tapitrisa Unités de Compte entina hamatsiana ny ampahany amin'ny vola vahiny izay mitentina 10 ,88 tapitrisa UC, ary ny 2,90 tapitrisa UC entina hamatsiana ny ampahany amin'ny vola an-toerana.
- b) **ny Tahiry OPEP** : IRAY ALINA SY SIVY HETSY ARY DIMY TAPITRISA (5,91 tapitrisa UC) : 3,78 tapitrisa UC anamboarana ny lèlana, ary 2,13 tapitrisa UC fandraisana anjara amin'ny fanarenana ny fotodraftrasa fambolena.
- d) **ny Fanjakana Malagasy** : Fito ambin'ny folo faingo 6 isan-jato (17,6%) aloa amin'ny vola malagasy, na FITO HETSY SY IRAY TAPITRISA UC (1,07 million d'UC).

Voafaritra amin'ireto tabilao ireto ny fitsinjarana ny loharanom-bola sy ny fampiasana azy ireo araka ny sokajin'asa.

An-tapitrisa Unités de Compte

LOHARANOM-BOLA	VOLA VAHINY	VOLA MALAGASY	TOTALI NY	AMPAHI NY
FAD	7,10	2,90	10	58,91
OPEP	3,78	2,13	5,91	34,77
Gouvernement malagasy	0,00	1,07	1,07	6,33
TOTALINY	10,88	6,10	16,98	100

Fandaniana isaky ny sokajin'asa sy loharanom-bola :

SOKAJY	FAD	OPEP	GM	TOTALINY
A - Fanarenana ny fotodraftrasa	5,78	2,13		7,91
B - Tohana amin'ny famokarana	2,13	0,00	1,07	3,2
D - Fanokafana ny faritra	0,00	3,78	0,00	3,78
E - Fitantanana ny tetikasa	2,09	0,00	0,00	2,09
TOTALINY	10,00	5,91	1,07	16,98

IV- FEPETRA NY FAMPINDRAMAM-BOLA :

- a) Tetiny : 8,02 an-tapitrisany « Dollars » Amerikana na 5,91 an-tapitrisany
« Unités de Compte ».
- b) Zana-bola : 1% isan-taona amin'ny vola nalaina na eo andàlam-pampiasana.
- d) Saram-pitantanana : 1% isan-taona amin'ny vola nalaina na eo andàlam-pampiasana.

Fandoavana ny zana-bola sy ny saram-pitondrana :

- isaky ny enim-bolana : isaky ny 15 Martsa sy 15 Septambra isantaona ;
 - amin'ny vola « dollars ».
- f) Eamerenana ny renivola :
- Amin'ny « dollars » na amin'ny vola azo avadika mitovy lenta, eken'ny Tahiry, amin'ny sandam-bola amin'ny fotoana andoavana azy ;
 - Fotoana ifanarahana : 20 taona, ao anatin'izany ny dimy taona fandeferana tsy andoavana ;
 - Fiatombohan'ny famerenana ny renivola : 15 Martsa 2005 ;
 - Fiafaran'ny famerenana ny renivola : 15 Septambra 2019 ;
 - Mandritra ny telopolo enim-bolana mitentina 267.330 vola « Dollars » isanisany, afa tsy ny enim-bolana farany izay mitentina 267.430 vola « Dollars ».
- g) Daty farany amin'ny « mise en vigueur » : telo (3) volana aorian'ny nanaovana sonia ny fifanekena fampindramam-bola.
- h) Famoahana vola farany : 31 Desambra 2004.

V - NY RANTSAMANGAIKA MPANATANTERAKA NY TETIKASA SY FOMBAFOMBA FANATANTERAHANA NY ASA

Eo andaniny, tanterahan'ny Vondrona Mpanatanteraka izay eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fambolena, ary eo ambany fanaraha-mason'ny Foibem-Pitondran'ny Génie Rural ny Tetikasa.

Sampana efatra no hisy amin'izany Vondrona Mpanatanteraka izany : a) Sampana miandraikitra ny Génie Rural, b) Sampana misahana ny fampiroboroboana ny fambolena, d) Sampana momba ny fitantanana, e) Sampana miandraikitra ny asa lèlana.

Etsy ankilany, hisy Komity Mpanoro hevitra sy Mpanara-maso hatsangana eo ambany fiahian'ny Minisiteran'ny Fambolena. Ny Minisiteran'ny Fambolena, ny Minisiteran'ny Fitantanam-Bola, ny Minisiteran'ny Tetibola, ny Minisiteran'ny Atitany, ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Tanàndehibe, ny Minisiteran'ny Asa Vaventy, ny Minisiteran'ny Fikarohana Siantifika, ny Fikambanan'ny mpampiasa rano, ny Mpandrahahaha tsy miankina amin'ny Fanjakana, no voasolotena ao anatin'izany Komity izany.

Io Komity io no tompon'andraikitra amin'ny fandinhana sy ny fankatoavana ny fandaharan'asa isan-taona sy ny teti-bola enti-manana, ary ny fanatanterahana izany. Hivory indray mandeha isaky ny enim-bolana ny Komity.

Araka ny voalazan'ny andininy faha 82, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : «Ny fankatoavana na ny fanekena ny fifanarahana... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana... dia tokony omen-dalàna amin'ny alàlan'ny Lalàna ».

Izany no anton'izao Lalàna izao.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

ANTENIMIERAM-PIRENENA

LALANA LAHARANA FAHA-2000-006

anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola tamin'ny 08 Jona 2000 ifanaovan'ny REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA sy ny TAHIRY OPEP HO AN'NY FAMPANDROSOANA IRAISAMPIRENENA momba ny famatsiam-bola ny « TETIKASA FANARENANA NY LEMAKA FAMBOLEM-BARY AO BAS-MANGOKY » Fivondronana MOROMBE.

Nolian'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana natao ny 19 jolay 2000 izao Lalàna manaraka izao :

ANDININY VOALOHANY : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana fampisamboram-bola tamin'ny 08 jona 2000 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Tahiry OPEP ho an'ny Fampandrosoana Iraisam-pirenena momba ny famatsiam-bola ny « TETIKASA FANARENANA ny LEMAKA FAMBOLEM-BARY AO BAS MANGOKY Fivondronana MOROMBE » izay mitentina ROA ALINA SY VALO TAPITRISA (8 020 000) Dollars.

ANDININY FAHAROA : Avoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hotanterahina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha 19 jolay
2000**

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIANARISOA *Ange C.F.*

